Mijanona mba hiteny hoe "Misaotra"

Aoka isika haneho fankasitrahana



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries and Valerie Du Plessis

Misy olona tena mankasitraka an'Andriamanitra nefa tsy manam-potoana hilazana an'Andriamanitra fa izany no izy. Hanao ahoana no ho tsapantsika raha tsy nisaotra antsika mihitsy ny zanatsika tamin’ny zavatra rehetra nataontsika ho azy ireo? Hanao ahoana ny fihetseham-pontsika raha tsy miteny na oviana na oviana izy ireo hoe “misaotra anao” na naneho fankasitrahana, raha nekeny fotsiny izay ny zavatra rehetra nataontsika ho azy ireo ho toy ny hoe marina izany, ka raisina ho toy ny tsy misy dikany?

Mampalahelo, fa toy izany no fomba itondran’ny maro amin’ny zanak’Andriamanitra Azy — ary tsy hankasitrahana eo lmasony izany. Tsy maintsy mankasitraka izay ataon’Andriamanitra ho antsika isika ary maka fotoana hanehoana ny fankasitrahantsika. Anisan’ny andininy iray tiako indrindra ny ao amin’ny Ohabolana:

> “Maneke Azy [Andriamanitra] amin'ny alehanao rehetra, fa Izy handamina ny làlanao.” (Ohabolana 3:6)

Nianarako tamin’ny zavatra niainako fa raha miato kely amin’ny dingana rehetra eo amin’ny fiainana aho mba hahafantatra an’Andriamanitra, dia afaka matoky aho fa hanohy hitarika ny lalako Izy. Mety hanontany ianao hoe, “Ahoana no ahafantarako an’Andriamanitra?” Ny fomba tsotra sy tsara indrindra dia ny misaotra Azy — milaza hoe “Misaotra Anao” noho ny zavatra rehetra Nataony sy noho ny Fahatokiany. Hahazo toky avy hatrany ianao fa hanohy ny fahatokiana Izy. Tahaka ny nanampy sy nitarika anao tamin’ny lasa Izy, mitarika anao amin’ny hoavy Izy. Fa ny fanalahidin’izany fahafantarana Azy izany dia ny fisaorana.

Fony aho tany Afrika Atsinanana, dia hitako fa tamin’ny fitenin’ny fokon’ny zanako vavy Afrikana natsangako, dia tsy nanana teny na andian-teny midika hoe “misaotra anao” izy ireo. Azonao heverina ve izany hoe tsy afaka miteny hoe “misaotra anao”? Tsapako avy eo fa teo amin’ny toerana nahatongavan’ny Baiboly ihany no nianaran’ny olona miteny hoe “misaotra anao”. Anisan’ny fahasoavan’Andriamanitra izany.

Misaotra Anao, Tompo ô, noho izay rehetra nataonao tamiko. Manambara aho fa hitsahatra amin'ny dingana rehetra amin'ny fiainana aho mba hahafantatra

© 2008 - Dries Du Plessis

an'Andriamanitra amin'ny fisaorana Azy. Haneho
fankasitrahana aho, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-345-MLG
Nohavaozina farany: 31 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

